

ce 23-02-21  
59 PV  
✓  
PV = 117ex  
AB  
J B



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fiteavana · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA**  
**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**  
**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY**  
**TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-117EX

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-  
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA  
NY ALAROBIA 17 MARTSA 2021 KA HATRAMIN'NY ZOMA 26 MARTSA 2021**

Fivoriana faha-2  
Natao ny  
Alakamisy 18 Martsa 2021  
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne  
- Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

**FOTOANA:** Alakamisy 18 Martsa 2021, tamin'ny 1 ora sy 15 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 17 Martsa 2021 ka hatramin'ny Zoma 26 Martsa 2021.

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantika.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriambe izao. Arahabaina torak'izany ihany koa ny solotenan'ny Governemanta izay tonga manatrika etoana.

Miangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana, hanamarinana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka tsirairay avy.

- 2 -

- Fiantsoana anarana -

AFAKANDRO Alphonse

.....

.....

.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

Vita, Ramatoa Filoha

**- Fanolorana ireo Solombavambahoaka vaovao sy ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR -**

**Ramatoa FILOHA**

Isaorana, Ramatoa Mpitantsoratra, nanao ny fanamarinana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka.

Alohan'ny hirosoantsika amin'ny votoatin-draharaha, tiako ny mampahafantatra antsika Solombavambahoaka, fa araka ny "Arrêt n°002-HCC/AR du 12 Janvier 2021 portant constatation de vacance d'un siège de député et remplacement dudit député décédé", izay navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, dia voatendry ho Solombavambahoaka, Andriamatoa RASOAVA Rakotoarisoa Rija Jean, misolo toerana an'Andriamatoa RALALASON Dera Harinjafimino, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrika Ankazobe, nodimandry tamin'ny voalohan'ny volana Janoary 2021 lasa teo.

Misy ihany koa ny «Arrêt n°003-HCC/AR du 12 Janvier 2021 portant constatation de vacance d'un siège de député et remplacement dudit député élu Sénateur», izay navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mikasika ny fanoloana ny toeran'ny Solombavambahoaka RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ihohy, izay lasa Loholon'i Madagasikara, ka nosoloin'Andriamatoa BISMARCK Hong Mann.

Iangaviana ny Solombavambahoaka izay voalaza anarana teo mba hitsangana.

Io Andriamatoa Solombavambahoaka BISMARCK Hong Mann izay misolo toerana ny Loholona RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André.

Miarahaba anao, Tompoko, tonga amin'izany toerana izany ary faly mandray anao ny Antenimierampirenena. Mitsodrano anao ihany koa hahaleo hahasana.

Araka ny tatitry ny Vondrona Parlemantera GPR tamin'ny Alarobia faha-17 Martsa 2021 dia voafidy ho Filohan'izany vondrona izany ny Solombavambahoaka MILAVONJY Andriasy Philibert voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambovombe Androy.

Miangavy anao mba hitsangana Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR.

Mitsodrano anao ihany koa hahavita, hahazaka, hahaleo, hahasana ny adidy lehibe izay iantsoroanao.

Tsy salama ny Solombavambahoakan'Ankazobe, ka irariana mba hahazo fahasalamana ny tenany. Antenaintsika fa hihaona amitsika eto izy amin'ny fivoriana manaraka.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ny fandaharam-potoanantsika androany Alakamisy 18 Martsa 2021 dia fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena mandritra izao fivoriana tsy ara-potoana izao, izay novolavolain'ny «Conférence des Présidents». Koa miangavy ny Mpitantsoratra hamaky izany volavolam-pandaharam-potoana izany.

Omena anao ny fitenenana Ramatoa Mpitantsoratra.

- 4 -

- Famakiana ny volavolam-pandaharam-potoana -

**Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

### **CONFERENCE DES PRESIDENTS**

#### **FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY CONFERENCE DES PRESIDENTS NY ALAKAMISY FAHA-18 MARTSA 2021**

Nivory ny Alakamisy faha-18 Martsa 2021 nanomboka tamin'ny 11 ora sy sasany, atoandro, ny "Conférence des Présidents".

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ny mpivory tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Mpitarika ny fitenenana, natolony avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana naroson'ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alakamisy faha-18 Martsa 2021, tamin'ny 10 ora, maraina.

Nisy adihevitra mikasika ny fotoana hanaovana ny fifidianana ireo solotena ho eo anivon'ny HCC, ny Alatsinainy faha-22 Martsa 2021 sa ny Alarobia faha-24 Martsa 2021. Ny tapaky ny maro dia ny Alatsinainy faha-22 Martsa 2021.

Toy izao ny volavolam-pandaharam-potoana tapaka tao amin'ny "Conférence des Présidents", ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alakamisy faha-18 Martsa 2021 amin'ny 12 ora, atoandro, handraisana fanapahan-kevitra farany.

(jereo ny tovana)

## **ORDRE DU JOUR**

Pour la période du Mercredi 17 Mars 2021 au Vendredi 26 Mars 2021

### **MERCREDI 17 MARS 2021**

**11H 00: CEREMONIE D'OUVERTURE DE LA SESSION EXTRAORDINAIRE 2021 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE (CCI-Ivato)**

### **JEUDI 18 MARS 2021**

**09H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent (CCI-Ivato)**

**11H 00: Conférence de Présidents –Salle BP (CCI-Ivato)**

**12H 00: SEANCE PLENIERE –Salle des Séances (CCI-Ivato)**

- Adoption de l'ordre du jour

**DEPOT DE CANDIDATURE AUX ELECTIONS DES DEUX (02) MEMBRES DE LA HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE (HCC), ELUS PAR L'ASSEMBLEE NATIONALE -Assemblée Nationale /Tsimbazaza**

- Jeudi 18 Mars 2021: 14H 00 à 18H 00
- Vendredi 19 Mars 2021: 09H à 18H 00
- Samedi 20 Mars 2021: 09H à 18H 00
- Lundi 22 Mars 2021: 09H à 18H 00

### **LUNDI 22 MARS 2021**

**09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS**

- **Commission des Finances et du Budget** (Saisie au fond)
- **Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière** (Saisie pour avis)- Salle des Séances/AN

- Projet de loi autorisant la ratification des accords de prêt relatif au financement additionnel du Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience (PRODUIR)

### **MARDI 23 MARS 2021**

- Arrêtage de la liste des candidats
- Préparation des matériels de vote (bulletin unique, urne, tableau ect...)

**MARDI 23 MARS 2021**  
**SEANCE PLENIERE (CCI-Ivato)**

**10H 00:** Projet de loi autorisant la ratification des accords de prêt relatif au financement additionnel du Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience (PRODUIR)

**MERCREDI 24 MARS 2021**

**10H 00:** SEANCE PLENIERE (CCI-Ivato)

**ELECTIONS DES DEUX (02) MEMBRES DE LA HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE (HCC), ELUS PAR L'ASSEMBLEE NATIONALE**

**JEUDI 25 MARS 2021**

**10H 00:** Eventuellement examen en seconde lecture

**VENDREDI 26 MARS 2021**

**10H 00:** CEREMONIE DE CLOTURE DE LA SESSION EXTRAORDINAIRE 2021 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE (CCI-Ivato)

**MEMBRE DU BUREAU PERMANENT**

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	<b>RAZANAMAHASOA Christine Harijaona</b>	Présidente
2	<b>RASOLONJATOVO Honoré</b>	Vice-Présidente
3	<b>RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle</b>	Vice-Présidente
4	<b>RABENIRINA Jean Jacques</b>	Vice-Présidente
5	<b>RAHELIHANTA Jocelyne</b>	Vice-Présidente
6	<b>RAHANTANIRINA Lalao</b>	Vice-Présidente
7	<b>MICHELLE BAVY Angelica</b>	Vice-Présidente
8	<b>HENRI Jean Michel</b>	Premier Questeur
9	<b>RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera</b>	Deuxième Questeur
10	<b>RABENIRINA Maminiaina</b>	Troisième Questeur
11	<b>ANGELE Solange</b>	Rapporteur Général
12	<b>RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina</b>	Rapporteur Général Adjoint

**PRESIDENT DES COMMISSIONS**

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
1	<b>Commission des Ressources Stratégiques</b>	MOHAMAD Ahmad	IRD
2	<b>Commission de la Défense</b>	VELOMAHAZO Patrice	IRD

3	<b>Commission des Affaires Etrangères</b>	RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian	IRD
4	<b>Commission des Finances et du Budget</b>	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
5	<b>Commission de l'Énergie et de l'Eau</b>	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
6	<b>Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises</b>	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
7	<b>Commission Juridique</b>	IDEALSON	IRD
8	<b>Commission Juridique</b>	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
9	<b>Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation</b>	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
10	<b>Commission des Poste et des Télécommunications et des Nouvelles Technologie</b>	MAMANGY Norbert	GPR
11	<b>Commission de l'Agriculture et du Développement Rural</b>	RANDRIANASOLO Jean Nicolas	GPR
12	<b>Commission de l'Environnement, de l'Écologie et des Forêts</b>	RAKOTONDRAZAFY José Alain	IRD
13	<b>Commission du Transport et de la Météorologie</b>	RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth	IRD
14	<b>Commission des Travaux Publics</b>	RASALAMA Léon	Indépendant
15	<b>Commission de l'Élevage et de la Protection Animale</b>	RAYMOND	TIM
16	<b>Commission des Infrastructures et de l'Équipement</b>	ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina	IRD
17	<b>Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière</b>	RAHOLDINA NAIVOC HERINANTSOINA	IRD
18	<b>Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique</b>	RASOLONIAINA Robert	IRD
19	<b>Commission de l'Éducation Nationale</b>	RANDRIANARIVELO Justin Abel	IRD
20	<b>Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle</b>	JEAN FRANCOIS Michel	TIM
21	<b>Commission Sécurité Publique</b>	NAKANY Charly Zafimagnely	IRD
22	<b>Commission la Santé Publique</b>	RAJAOBELINA Lova Herizo	IRD
23	<b>Commission du Commerce et de la Consommation</b>	ASSIMO Bruno	IRD
24	<b>Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche</b>	BAOFENO Micheline	IRD
25	<b>Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions</b>	RAKOTONDRA SOA Fetra	IRD

26	<b>Commission de la Jeunesse et des Sports</b>	RATSIVAHINISOLO Andriniony	IRD
27	<b>Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales</b>	FIAROVANA Lovanirina Celestin	IRD
28	<b>Commission de la Population et de la Protection Sociale</b>	RATSIMANDRIONA Aida Hardy	IRD
29	<b>Commission de l'Artisanat et du Tourisme</b>	RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine	IRD
30	<b>Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique</b>	CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	IRD
31	<b>Commission du Genre et du Développement</b>	MASY Goulamaly Marie Jeanne D arc	GPR
32	<b>Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques</b>	JOHASY RAHARISOA Eléonore	GPR
33	<b>Commission Chargé de l'Examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député</b>		
34	<b>Rapporteur de la Commission des Finances et du Budget</b>	TSARADIA Marco	IRD

### **PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N° d'ordre	GROUPES PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
1	TIM	RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José
2	GPR	MILAVONJY Andriasy Philobert
3	IRD	VELONTSARA Paul Bert

### **Représentante du Gouvernement**

YAMICOLE Franckline

Chef SRI- PRIMATURE

Vita Tompoko.

- 5 -

- **Adihevitra ankapobeny** -

### **Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, isaorantsika ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny volavolam-pandaharam-potoana teo anivon'ny «Conférence des Présidents».

Izao isika dia hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny mikasika ity volavolam-pandaharam-potoana ity. Koa izay manan-kolazaina dia iangaviana hanangan-tànana handraisana ny anarany.



Ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore, omena anao ny fitenenana.

**Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa Filoha, ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, isika Solombavambahoaka hajaina.

Voalohany indrindra, misaotra ny mpitondra teny namaky ny volavolam-pandaharam-potoana ary misaotra ihany koa ny Birao Maharitra namolavola azy. Ny tenako dia nandray anjara tamin'ny "Conférence des Présidents», saingy tara. Koa miangavy ny mpiandraiki-draharaha mba hampandalo ny «fiche de présence» atỳ amiko mba ho soniaviko ary ao anatin'izay fahatarana izay no tsy naharahako ny adihevitra tao, koa saika mba hanontany, Ramatoa Filoha, satria raha ny Didim-panjakana niantsoana antsika dia nisy ny fandaniana ny famantsiam-bola PRODUIR sy PRODIGY kanefa ny PRODUIR ihany no tafiditra ato. Raha tsy mahadiso, aiza ho aiza ny mikasika PRODIGY sa mbola mihemotra kely.

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Ramatoa Solombavambahoaka. Ny PRODIGY efa nolaniantsika tamin'ny fivoriana farany teo, fa any amin'ny Loholona.

Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa voafidy tao Manandriana.

**Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra. Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra sy ny teknisianina ato anaty efitrano fivoriana.

Efa miditra amin'ny adihevitra ankapobeny ve isika, Ramatoa Filoha, azafady sa mbola fanitsiana satria izay no nentin'ny Solombavambahoaka teo aloha.

**Ramatoa FILOHA**

Efa manana fitenenana ianao, ka ento ny teninao.

**Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa**

Misaotra indrindra, Tompoko.

Mahita ity volavolam-pandaharam-potoana ity aho, Ramatoa Filoha, misy zavatra tokony hojerentsika akaiky ny fifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena eny anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Raha ny fijery azy, ny Alatsinainy no hanaovantsika izany eto amin'ny Antenimierampirenena. Zava-dehibe eto amin'ny firenena

izy ity ary anisan'ny ain'ny firenena mihitsy no hojerena raha mikasika izany Fitsarana Avo Momba ny Lalàmpanorenana izany. Mieritreritra izahay, Ramatoa Filoha, raha mety amintsika Solombavambahoaka hoe: aleo hampifamadihana amin'ny asam-baomiera hatao amin'ny Alarobia 23 Martsa 2021 ny datin'ny fifidianana ny Alatsinainy 22 Martsa 2021. Izany hoe, ny fifidianana izany hataontsika amin'ny Alarobia, fa ny asam-baomiera momba ny PRODUIR no hataontsika amin'ny Alatsinainy satria betsaka ny zavatra tokony hojerena mikasika ny kandida hilatsaka. Tokony ho fantarina tsara hoe ahoana izy ireo satria lasa ohatran'ny teren-komasaka fotsiny izy ity. Raha androany no mametraka ny filatsahan-kofidina ireo olona ireo, ny Alatsinainy isika hanao fifidianana; eritreretiko angamba fa lasa mihazakazaka isika kanefa raharaham-pirenena no hojerentsika. Koa mangataka mba hataontsika amin'ny Alarobia raha mety amintsika Solombavambahoaka; ka ny fandaharam-potoana amin'ny Alarobia harosontsika amin'ny Alatsinainy.

Misaotra indrindra, Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Solombavambahoaka voafidy tao Manandriana.

Ramatoa Solombavambahoaka voafidy tao Nosy Varika BAOFENO Micheline.

### **Ramatoa BAOFENO Micheline**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, miarahaba antsika Solombavambahoaka.

Ialana tsiny ny fahatarana tamin'ny «Conférence des Présidents» noho ny antony manokana.

Tena miombon-kevitra amin'ny namana teo izahay. Izay koa no saika hoteneniko raha nijery an'ity fandaharam-potoana ity hoe: "dépot de candidature" manomboka androany ary ny Alatsinainy ny fifidianana. Manamafy izany aho ary miombon-kevitra tanteraka aminy satria zava-dehibe iankinan'ny aim-pirenena io ka tsy tokony hatao maimaika, fa aleo ho fantatra tsara ireo olona hirotsaka.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Solombavambahoaka voafidy tao Nosy Varika.

Mandray fitenenana manaraka, ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambohidratrimo.

**Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Mamerina ny fiarahabana anareo izay eny amin'ny "perchoir"; isika Solombavambahoaka namana rehetra.

Tsy nifampiresaka izahay telo mianadaha, fa ny zavatra hotenenina dia mitovy ary mifanohana amin'ny hevitra voateny teo aloha. Izay mihitsy no antony nananganan-tànana satria fantatsika fa zava-dehibe loatra ho an'ny firenena izany HCC izany. Mba tsy hanala baraka, sanatrian'ny vava ho an'ny Antenimierampirenena dia aleo raha mety mba hisy fotoana kely handinihanay Solombavambahoaka azy hoe iza daholo ny mpilatsaka. Olona manao ahoana ireo olona halefantsika hisolotena antsika any amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Mankasitraka Ramatoa Filoha.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambohidratrimo.

Mandray fitenenana manaraka, ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Jean Nicolas voafidy tao Betroka.

**Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Izaho tsy miala amin'ny teniko taloha, ka mahagaga ahy ireto namantsika ireto mangataka an'izay. Ireo olona ireo na ho fantatrareo na tsy ho fantatrareo, efa misy "consigne de vote" ka tsy maintsy manaraka hatrany ianao. Manentana antsika aho hoe: aleo isika hanao an'io satria izay no andrasan'ny vahoaka Malagasy. Io no efa tapaka tao amin'ny "Conférence des Présidents", ka ny dikan'izay, ianareo ihany no betsaka tao, fa nampianay fotsiny. Isika tsy maintsy hanao an'izay foana, ka aleo Ramatoa Filoha satria ny resaka hitovy foana. Aleo atao ny tsangan-tànana hoe tsy hasiana an'io fandaharam-potoana io satria efa misy "consigne" avy amin'ny Filoha hoe izao no hataonareo. Ataovy haingana ny tsangan-tànana mba tsy handany fotoana satria betsaka ny zavatra hataonay.

Misaotra Ramatoa Filoha.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra an'Andriamatoa Solombavambahoaka voafidy tao Betroka.

Mandray fitenenana manaraka ny Filohan'ny Vondrona Parlementera TIM; avy eo ny Solombavambahoaka voafidy tao Manja, ny Solombavambahoaka MAMANGY Norbert.

**Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antony José**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome fitenenana.

Mamerina ny fiarahabana feno anao sy ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ary ny Solombavambahoaka, namana rehetra.

Ny Vondrona Parletera TIM dia manaraka tsara ny teny izay efa nomeny. Ny teny efa napetrakay, Ramatoa Filoha, araka ny fivoriana ny “Présidents des commissions” dia hoe: hataontsika amin’ny Alatsinainy. Raharaham-pirenena daholo ny zavatra rehetra, fa io no anisan’ny zava-dehibe eto amin’ny firenentsika; koa izay voasoratra ao, araka ny voalazanao hoe: efa “victime” tamin’izany; koa izay voasoratra ao no tazoninay. Amin’ny Alatsinainy izao no hevitra ny “Groupe Parlementaire TIM”.

Mankasitraka, Ramatoa Filoha.

### **Ramatoa FILOHA**

Isaorana ny « Président de Groupe Parlementaire » TIM. Omena fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao Manja.

### **Andriamatoa FIENENA Richard Désiré**

Misaotra anao, Ramatoa Filoha.

Tsotra ihany ny teniko, tsy hiverina amin’ny “débat” teo aho, fa ny daty no saika angatahako aminao sy ianareo Solombavambahoaka rehetra satria isika misy «tradition» ary ny tenako izao raha hataontsika amin’ny Alatsinainy io, ho any Manja aho, ny andro fahavaratra, telo andro vao tonga any. Mba mangataka, tsy izaho irery, fa Solombavambahoaka maromaro no tratran’izay.

Misaotra Tompoko

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Solombavambahoakan’i Manja isika.

Solombavambahoaka voafidy tao Sambava, MAMANGY Norbert

### **Andriamatoa MAMANGY Norbert**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Misaotra ny Birao Maharitra sy ny Solombavambahoaka namana rehetra.

Ny antony niantsona antsika tamin’ity fivoriana tsy ara-potoana ity dia ny fifidianana solotena roa ho eo anivon’ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Angamba izay olona miheritreritra ho amin’izany toerana izany, efa mahalala fa tapitra ny fe-potoana iasan’ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Nihoatra indray andro; lasa miteraka resabe eto amin’ny firenena, satria tsy voahaja izany fe-potoana izany. Izay no mahatonga anay GPR izay andraisako fitenenana eto, mangataka ny handrosoana an’io fifidianana io amin’ny Alatsinainy. Ity no tena mahagaga, Ramatoa Filoha, ny GPR TIM, ny GPR, mankasitraka ny fanapahan-kevitra noraisin’ny Birao Maharitra. Tokony ho any amin’ny IRD no hampisy ny olana raha miseho ny adihevitra, fa tsy aty aminay. Mba manome modely izahay, ny fanajanay ny fiantsoana nataon’ny Governemanta amin’ity lahadinika ato anatin’ity fivoriana tsy ara-potoana ity; ho fanajanay ny tapaky ny Birao Maharitra sy ny “Conférence des Présidents”. Mangataka izahay ny handrosoana ny fifidianana amin’ny Alatsinainy. Misy miteny hoe: tampoka, mbola vao Alakamisy anie androany.

Inona no hatao ny Zoma, Sabotsy, Alahady ary ny Alatsinainy. Mbola Alakamisy anie androany ary zavatra efa fantatra hoe tapitra ny fe-potoana iasan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Sosokevitra no arosonay, Ramatoa Filoha, aleo atao amin'ny Alatsinainy ny fifidianana. Raha miala amin'izay, misy kajikajy politika hafahafa manahirana any. Tsy tokony haseho eto fa ny fanatanterahana ny asa niantsoan'ny "membres du Gouvernement" no hataontsika eto.

Misaotra Tompokolahy.  
Misaotra Tompokovavy.

### **Ramatoa FILOHA**

Mangataka fitenenana ny «Président de Groupe Parlementaire IRD», Solombavambahoaka voafidy tao Port Bergé, VELONTSARA Paul Bert

### **Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Niarahantsika nanaraka daholo ny fanehoan-kevitra ny Solombavambahoaka maro teo. Ramatoa Filoha, manamafy ny tenin'ny Solombavambahoaka IRD rehetra niteny teo izahay. Nisy nilaza teo fa «élection libre», hamafisina ary tohananay izany mba tsy hahalava ny resaka, Ramatoa Filoha. Mangataka izahay mba ho amin'ny Alarobia no hanaovana ny fifidianana ny mpikambana roa ho eny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Misaotra Tompokolahy.  
Mankasitraka Tompokovavy.

- 6 -

### **- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny datin'ny fifidianana -**

### **Ramatoa FILOHA**

Nisy hevitra roa no nivoitra teo, ka tokony handraisana fanapahan-kevitra. Ao ny mangataka ny hitazonana ny datin'andron'ny fifidianana amin'ny Alatsinainy 22 Martsa 2021 miaraka amin'ny antony izay efa nambara teo; ao koa ny nangataka ny hanakisahana izany amin'ny Alarobia 24 Martsa 2021 araka ny antony izay efa nolazaina teo ihany koa.

Atsangano ny tànan'izay milaza fa hotazonina ny datin'ny Alatsinainy 22 Martsa 2021 hanatanterahana ny fifidianana.

- Solombavambahoaka miisa 15 no nanangan-tànana -

Atsangano ny tànan'izay milaza fa hakisaka amin'ny Alarobia 24 Martsa 2021 ny fifidianana.

- Solombavambahoaka miisa 39 no nanangan-tànana -

Ambarako fa ny Alarobia 24 Martsa 2021 no hanaovantsika ny fifidianana ireo mpikambana roa hisolotena antsika eny anivon'ny HCC.

Misy fanamboarana izany ny volavolam-pandaharam-potoana satria akisaka ny Alarobia 24 Martsa 2021 indray ny fandaharam-potoana izay novinavinaina hatao ny Alatsinainy 22 Martsa 2021.

Rehefa tsy hisy handray fitenenana intsony dia hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity volavolam-pandaharam-potoana nasiam-panitsiana ity isika.

Ny «dépôt de candidature» dia heverintsika fa hitohy hatramin'ny Talata 23 Martsa 2021 sa tsy miova tamin'ny efa notapahina tao amin'ny Diniky ny Filoha. Izany hoe, mifarana ny Sabotsy 20 Martsa 2021, amin'ny 6 ora, hariva.

Amin'ny alalan'ny tsangan-tànana ihany koa no handraisana fanapahan-kevitra mikasika izany satria nisy nanontany teo hoe: hotazonina ny Sabotsy 20 Martsa 2021 ihany ny farany fanaterana ny «candidature» sa hatramin'ny Talata 23 Martsa 2021.

Manangan-tànana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD.  
Omena anao ny fitenenana, Tompoko.

**Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Efa nanapakevitra isika fa hahemotra ny fifidianana. Manome sosokevitra izahay hoe: hakisaka ny Talata 23 Martsa 2021 ny farany fanaterana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidina. Raha tsy mety izany dia atao ny Alatsinainy 21 Martsa 2021.

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Manao satroka ny Solombavambahoaka HENRI Jean Michel.

Omena anao ny fitenenana, Tompoko.

**Andriamatoa HENRI Jean Michel**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mankasitraka ny fanemorana ny «dépôt de candidature» ny tenako, kanefa tokony hotazonina ny andro iray mialohan'ny fifidianana mba hanomanan'ny «Administration» ny «bulletin de vote» sy ny fitaovana rehetra ilaina amin'ny fanatanterahana ny fifidianana ny Alarobia 24 Martsa 2021. Ny Talata izany no hanomanana ny «bulletin de vote», ny Alatsinainy hariva no tokony hanaovana «cloture». Ekena ny fanemorana, ka ny farany amin'ny “dépôt de candidature” dia ny Alatsinainy amin'ny 6 ora, hariva. Tokony hatao ny Alahady ny fanomanana an'io fifidianana io araka ny “proposition de l'ordre du jour”. Izany hoe, ny Alarobia isika no mifidy.

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra an'Andriamatoa "Questeur" voalohany nanome an'izay sosokevitra izay.  
Omena an'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa ny fitenenana.

**Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mandinika an'ity zavatra hataontsika ity izahay satria zava-dehibe loatra ny momba azy.  
Raha ny fahitako azy, Ramatoa Filoha, isika mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, isika Solombavambahoaka; tokony hanangana "commission ad'hoc" isika satria na ny "code électoral" na ny "mode d'élection" dia tokony ho fantatra. Mipetraka tsara amin'ny alalan'izay no ipetrahan'ny hoe rahoviana ny daty farany amin'ny "dépôt de candidature" sy ny pitsopitsony samihafa; hataontsika "bulletin unique" ve sa fidiantsika isaky ny kandida sa ataontsika lisitra. Izay ny sosokevitro. Tokony hisy "commission ad'hoc" hatsangantsika Antenimierampirenena miandraikitra sy mikarakara azy mba ho lavorary sy hanara-dalàna ny zavatra ataontsika amin'ity Andrimpanjakana ity.

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka voafidy tao Manandriana.  
Manangan-tànana ny Solombavambahoaka manaraka.

**Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Isaorana ianareo Birao Maharitra mba efa nitsinjo ny zavatra hotapahana. Ny zavatra noeritreretina hoentina eto, rehefa namaky azy dia hita fa nanao izay mety tokoa ianareo tamin'ny asa nataonareo. Ny olana niseho dia rehefa tonga ato izy dia izay. Raha ny hevitra satria efa tsinjo ihany ny zavatra; nilatsaham-potaka hoy izahay na nilatsaham-baratra satria efa fantatra hatramin'ny omaly io. Efa fantatra izay nolazainy tato hoe hahemotra amin'ny Alarobia. Inona no iresahana "commission ad'hoc" amin'izany. Efa lany fa tokony hapetraka eo ny anaran'ny olona. Efa fantatra hoe ireto ny anarany; izay no zavatra niainana dia izay no tokony hatao fa tsy handany andro eto intsony.

Misaotra betsaka Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra an'Andriamatoa Solombavambahoakan'Ambanivohitra.

Mikasika ny fananganana "commission ad'hoc" dia tsy manery an'izany ny lalàna ary ny Fitsipika Anaty dia milaza fa ny "Administration"-n'ny Antenimierampirenena no misahana ny fanomanana sy ny fizotry ny fifidianana ireo olona hisolotena antsika eny anivon'ny HCC. Heveriko fa ny fananganana izay ivelan'ny voalazan'ny "Constitution", ny "Règlement Intérieur" dia tsy mety. Ny handraisantsika fanapahan-kevitra dia hoe: mifarana ny Alahady ihany ve ny fametrahana firotsahan-kofidiana sa ny Alatsianainy hariva. Samy amin'ny 6 ora, hariva, daholo ireo.

Manangan-tànana ny Solombavambahoaka voafidy tao Morafenobe, Adriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène.

**Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Tokony hisy ihany ny fampahafantarana azy ireo ary tokony ho tonga eto izy ireo hilaza ny momba azy hoe izao no asako, amin'izay mba fantatray fa tsy honohono fotsiny.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Amin'ny andron'ny fifidianana no hanaovana izany satria mbola hanao fampielezan-kevitra ny tenany ny tsirairay amin'ireo kandidà ireo.

Manangan-tànana ny Solombavambahoaka Filohan'ny «Groupe Parlementaire IRD».

**Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Fanontaniana ny ahy, Ramatoa Filoha: tena mifarana ny Talata hariva ve izy io sa voararan'ny "Règlement Intérieur" ny momba izay sa manao ahoana. Marina ny zavatra notenenin'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène teo hoe: tsara raha ny Alatsinainy tontolo andro no mba efa fantatry ny Solombavambahoaka rehetra izay mety ho kandidà. Izay no mahatonga anay manakisaka ny fotoana araka ny voalaza. Raha tsy voararan'ny lalàna, Ramatoa Filoha, mba mangataka izahay hoe ny Talata no fifaranan'ny "dépôt de candidature".

Misaotra, Ramatoa Filoha.

**Ramatoa FILOHA**

Manangan-tànana farany Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA, voafidy tao amin'ny Boriborintany faha-V.

**Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenena.

Lasa manasaro-javatra isika ary saika tsy handray fitenenana ihany aho.

Izaho aloha miombon-kevitra amin'ny zavatra notenenin'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert teo. Ny fahitako ny HCC izany, Tompoko, tsy olona nilatsahan'ny fanahy masina androany akory ka hoe hirotsaka any amin'ny HCC, fa olona efa vonona ary na tiantsika na tsy tiantsika, resaka politika no ato. Misy "consigne de vote" foana ato na inona horesahantsika eto. Tahaka ahy izao; pSabotsy aho Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, ny Talata aho tsy izy intsony.



Ny dikan'izay, lany andro eto fotsiny isika. Aleo rehefa miresaka eto isika dia tenenina hoe amin'ny alalan'ny tsirairay na amin'ny maha Filohan'ny Vondrona; rehefa miteny dia miteny amin'ny alalan'ny Vondrona. Izay no tokony hataon'ny rehetra, Ramatoa Filoha, miteny amin'ny alalan'ny Vondrona Parlemantera momba izay tapaka. Rehefa miteny amin'ny anaran'ny tenany manokana kosa, tenenina hoe ranona no miteny satria ho lany andro eto foana isika.

Tsotra ny anay, efa niteny teo Andriamatoa Kestora Voalohany hoe: mila iray andro mialoha mba hanomanana an'io fifidianana io ny "Administration" kanefa isika mbola mahita holazaina foana. Tsotra fotsiny ny anay hoe: zavatra roa no hatao dia atao ny tsangan-tànana; iza no manaiky hoe faranana ny Alatsinainy ny fametrahana ny filatsahan-kofidina ary iza koa no manaiky hoe: ataovy Talata dia miasa alina ny "Administration". Izaho miteny anareo fa efa fantatr'Andriamanitra io olona ho solotena any io.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra an'Andriamatoa Solombavambahoaka.

Hiroso amin'ny tsangan-tànana isika.

Atsangano ny tànana'izay milaza fa ajanona amin'io Sabotsy io ny daty. Nisy nanolotra hevitra teo hoe faranana ny Alatsinainy amin'ny 6 ora, hariva, ny "dépôt de candidature".

Atsangano ny tànana'izay manaiky.

Misy koa milaza fa ny Talata amin'ny 12 ora, atoandro.

Atsangano ny tànana'izay milaza hoe ny Alatsinainy amin'ny 6 ora, hariva.

- Solombavambahoaka miisa 37 no nanangan-tànana -

Atsangano ny tànana'izay milaza fa ny Talata amin'ny 12 ora, atoandro.

- Solombavambahoaka miisa iray no nanangan-tànana -

Ambarako fa ny Alatsinainy 22 Martsa amin'ny 6 ora, hariva, no farany fametrahana ny "candidature".

Famaliana ny fanontaniana napetrak'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène teo, amin'io androm-pifidianana io no samy mampahalala ny tenany ny kandida tsirairay avy.

Misaotra Tompoko.

Izay angamba no votoatin'ny fivoriantika teto.

Ny solotenan'ny Governemanta sao manan-kambara.

Omena anao ny fitenenana, Tompoko.

**Ramatoa YAMICOLE Franckline, solotenan'ny Governemanta**  
Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa Filoha;  
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra; Ianareo Solombavambahoaka rehetra.

Zavatra roa no angatahana fitenenana, Ramatoa Filoha.  
Ny mikasika ny PRODUIR tsy miova mihitsy ny fandaharam-potoana ny Talata angamba izy teo raha tsy diso aho. Voatazona daholo ve ny fandaharam-potoana amin'ny "ratification" satria mbola hisy "commission".

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**  
Ny Alarobia dia miroso ny Alatsinainy, fa ny Talata kosa tsy voakitika.

**Ramatoa YAMICOLE Franckline, solotenan'ny Governemanta**  
Ny faharoa, Ramatoa Filoha, mangata-dalana mialoha aho androany satria mbola hisy "Conférence des Présidents" eny amin'ny Antenimierandoholona amin'ny 3 ora, tolak'andro, ka handeha hanatrika izany ny tenako.

**Ramatoa FILOHA**  
Efa hamarana isika izao, koa isaorantsika ny solotenan'ny Governemanta niaraka nidinika tamintsika teto mikasika ity fandaharam-potoana ity.  
Omen-dalana ianao, Tompoko.

Manao satroka Andriamatoa HENRI Jean Michel.

**Andriamatoa HENRI Jean Michel**  
Mikasika ny fanontaniana avy amin'ny solotenan'ny Governemanta teo, Ramatoa Filoha. Ny Talata mikisaka Alatsinainy ary ny Alarobia mikisaka Talata satria ny "commission" no mandeha aloha izay vao ny fivoriambe. Manao "commission" isika ny Alatsinainy, izay tokony ho natao ny Talata. Manao fivoriambe isika ny Talata izay tokony hatao ny Alarobia amin'ny handaniana ny "projet de loi" momba ny "ratification". Izany hoe, ny Talata mikisaka Alatsinainy, ny Alarobia mikisaka Talata ary ny Alatsinainy lasa Alarobia.

**- Fiatoan'ny fivoriana -****Ramatoa FILOHA**

Izay tokony hanaovana ny fifidianana mikisaka Alarobia ary ny Alarobia mikisaka Talata, ny Talata lasa Alatsinainy. Mazava angamba izay.

Eto ampamaranana dia tiako ny mampahafantatra antsika, fa toy izao ny fandaharam-potoantsika akaiky indrindra: ny "dépôt de candidature" manomboka androany tolak'andro hatramin'ny Alatsinainy amin'ny 6 ora, hariva.

Miato hatreo ny fivoriantantsika.

Niatio tamin'ny 2 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona